Sorabe nisy « pouvoir » 6

## Namerina fiainan'olona rava fiainana

Tononkira MIHEVERA Mpihira : Jean Rigo 4


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 13 aprily 2021 Laharana 1152 Vidiny : **400 Ar**


Fitondrana Rajoelina 2

## Mampisotro kapoaka mangidy ny vahoaka Malagasy


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Zotra nasionaly sy rejionaly 7

# Manangana saina fotsy ireo mpitatitra




Fahalasanan'ny jeneraly Amady Augustin 2

# Naneho fiaraha-miory ny filoha Ravalomanana



Miara-manonja 3

# Mamono olona ianareo mpitondra, hoy Me Hanitra



RMDM, fandaharana : Sahia Lasa Izao 4

# Manome sehatra ny vahoaka hanosika azy handray andraikitra




Arizaka Rabekoto Raoul 3

## Ataovy laharam-pahamehana ny vaksiny covid-19

Tarehi-marika farany covid-19 4

## 6 no namoy ny ainy, 478 ny tranga vaovao

**Daka kely**

Tramway any ankibon'ny omby, Bus Class ho tavela anaty ambotaka, Bus volant indray nofinofisina ry Boaikely a !

FAHALASANAN'NY JENERALY AMADY AUGUSTIN

# Naneho fiaraha-miory ny filoha Ravalomanana

Misaona ny tontolon'ny Polisim-pirenena eto amintsika, nodimandry ny alahady teo ny jeneraly Amady Augustin, efa ministry ny polisim-pirenena teo aloha, efa mpitarika ny polisy monisipaly tao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ihany koa tamin'ny fotoan'androny. Efa mpitarika ny fikambanan'ny Zanaka Antenomoro monina sy miasa eto an-drenivohitra.

Ny jeneraly, na ny Inspecteur Général de Police Amady Augustin dia teraka tamin'ny taona 1942 tany Lazamasy Vohipeno. Manambady, niteraka roa.

Ny 25 mey 1963 no nidirany tao amin'ny Polisim-pirenena, grady inspecteur auxiliaire.

Toa izao ny fizotry ny fiainany tao amin'ny polisimpirenena Malagasy:

1964: Officier de Police
1967: Commissaire de Police
1980: Commissaire Principal de Police
1986: Commissaire Divisionnaire de Police
1988: Contrôleur Général de Police
2003: Inspecteur Général de Police.

Efa nisahana andraikitra maro teo anivon'ny Polisim-pirenena izy, fa ny tena nisongadina dia:

1992-1993 Minisitry ny Polisim-pirenena.
2002-2004 Minisitry ny Filaminam-bahoaka.

Noho ny fahalasanan'ity ray aman-dreny ity izay, naneho fiaraha-miory amin'ny fianakaviany, sy ny fianakaviamben'ny Polisim-pirenena, ny filoha Marc Ravalomanana: filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), sady filohan'ny vondron'ny mpanohitra RMDM. "Tamin'ny alahelo lehibe no nandrenesana ny fahalasanan'i Jeneraly Amady Augustin, Minisitry ny Filaminam-bahoaka teo aloha ary mpiara-miasa akaiky tokoa. Ny tenako sy ny ankohonako, ny antoko TIM ary ny RMDM dia maneho indrindra ny fiaraha-miory amin'ireo vady aman-janany sy ny fianakaviana manontolo. Mirary fiononana feno ary mahereza indrindra", hoy ny fiaraha-miory nataony. Ankoatra izany, ny gazety Ny Valosoa Vaovao koa dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakavian'ny jeneraly Amady Augustin.



*Ny jeneraly Amady Augustin.*

***Helisoa***

Depiote Fidèle R.

# Baikon'ny grady, sy ny kibo ary… ny miaramila

Miaramila, tsy natao hanana fahasahiana hijoro fa baikon'ny grady, sy ny kibo ary zavatra hafa… hoy ny depiote Fidèle Razara Pierre, tao amin'ny fandaharana Miara-manonja omaly.



*Ny depiote Fidèle Razara Pierre.*

Tsy hijoro ho mandan'ny firenena izany mihitsy ireo miaramila, fa baikona zavatra telo hoy izy: grady, kibo ary ilay zavatra manjaka amin'izao fitondrandRajoelina izao. Ireo efa lasa jeneraly dia tsy handeha hitsangana voalohany izany mihitsy, raha misy zavatra tsy mety ataon'ny fitondram-panjakana, fa baikon'ireo zavatra telo ireo izy ireo. Ka tsy tokony hisy vahoaka hieritreritra hanosika ireo miaramila hitsangana, satria tsy kolontsainy izany, fa izy dia baikoana ary manatanteraka ny baiko. Rehefa sarotra aminy ny manatanteraka ny baiko dia izay izy vao mitsangana, fa tsy ho an'ny maha-olona mihitsy. Manomboka sarotra ho azy ny manatanteraka ny baiko rehefa mitsangana ny vahoaka. Misy ireo manonofy, fa tokony hitsangana ny miaramila. Saingy tsy misy izany miaramila mitsangana izany. Fa na ny vahoaka tsy mandady harona no mitsangana miaraka amin'ireo mpanao politika rehefa matsapa, fa misy zavatra tsy mety mitranga eo anivon'ny firenena, mba hisy ny fanovàna, ary miatrika ny mpitandro filaminana, na tsy mahavita mitsangana fa matahotra mpitandro filaminana, dia tsy misy zavatra miova. Saro-tahotra kokoa noho ny sivily ny mpitandro filaminana. Ny basy ihany no tanjany, fa rehefa tonga ny fotoana ijoroana dia matahotra, fa fanambarana tsy misy anarana manao sonia no misy eo. Ny zavatra takiana amin'ny vahoaka dia hijery ny zavatra tsy mety ataon'ny mpitondra, fa tsy variana mitehaka, dia hisintonana lesona. Ny zavatra mitranga dia miankina amin'ny tsirairay izay mahatsapa, fa anaty lavaka mangitsokitsoky ny fahantrana ankehitriny, toy ny valala voatango. Tapaka ny herinaratra. Tsy misy ny oxygène. Tsy misy fanafody. Ny fanafody mba azo jifaina dia ahorin'ny sasany. Ireo mpikambana ao amin'ny governemanta dia mihinana Ed1 any ambadika any daholo, fa tsy hoe CVO ihany, hoy ihany ity depioten'Ambatondrazaka ity. Isika vahoaka ihany no afaka hanoa ny firenena, fa tsy natao hijoro hiaro ny maha-olona mihitsy ny miaramila. Ny grady, ny kibo sy ny vola. Inona no tsapa sy hita: mitavozavoza ny tompondraikitra ary tsy mahafantatra ny laharampahamehana, mimenomena daholo ny olona amin'ny lafiny rehetra: voasakana ny razana, mihidy ny lalana, miseho ny fanapaĺram-pahefana, mirongatra ny bizina manararaotra ny fikatonana, misy ny fangoronana ny entana, mihoa-pampana ny vidina oxygène, tsy misy vahaolana azo tsapain-tanana mazava avy amin'ny fitondram-panjakana, hahafahana manantena fa hisinda ny olana afaka fotoana voafetra mazava. Afenina ny tarehimarika marina mikasika ireo tratran'ny Covid sy ireo namoy ny ainy. Manolotra karazana tohan'aina (chocolat, yaourt,...) ho an'ny marary ny filohan'ny Repoblika mivady, mampivandravandra fa tsy mahatsapa ny marary amin'ny vahoaka Malagasy izy ireo, zary lasa toa fanesoana izany, satria tsy afaka mihinana izany ny marary fa zavatra hafa no ilainy: herinaratra tsy tapaka, oxygène, fanafody, fanohanana ireo mpitsabo, sns... Avela hitsipatsipaka ho faty ny marary noho ny fahatapahan'ny herinatra kanefa misy "groupe" ana sinoa ao Mahamasina teo akaiky, tokony ho azo nifampiraharahàna, hoy ihany ity olom-boafidy ity.

***Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fitondrana Rajoelina

# Mampisotro kapoaka mangidy ny vahoaka Malagasy

Kapoaka mangidy firy no mbola ho ampisotroin'ity fitondrana Rajoelina ity, sy ireo ao avara-patana ao amin'ny fitondrany, ny Malagasy an-tapitrisany?

Raha ny halabato nampandaniana an'i Andry Rajoelina, izay navoitry ny fanadihadiana nataon'ireo loholona tamin'ny alalan'ny « enquête parlémentaire » dia miharihary fa voahitsakitsaka ankitsirano ny safidimbahoaka an-tapitrisany. Ary raha ampiana ireo olona mitambatra ankehitriny ao anaty ny Rodoben'ny Mpanohitra, na ny RMDM izany, dia azo lazaina fa vitsy an'isa lavitra i Andry Rajoelina sy ireo mpiara-dia aminy amin'izao fotoana izao. Dia raha mbola ampiana koa ireo tonga saina sy manenina nifidy azy izany dia sisa tavela ireo mpandroba fahefana, sy mpisolelaka ary ireo avara-patana vitsivitsy mahazo ranondranony.

Maro ireo tonga saina sy nanenina, voafitaky ny fampanantenana poakaty sy lainga tsara lahatra. Tsy vitan'izany ihany, fa ao ireo very asa, ireo very na rava fananana, ireo gadraina amin'ny tsy antony sy tsy fitovian-kevitra, ampiana fanesoana, fanambanimbaniana sy dingin-drambo. Saingy mbola tsy ampy ihany izany, fa ankoatra ny efa nahodinkodina ireo fanampiana an-tapitrisa dolara, izay tokony ho nisitrahan'ny sarababembahoaka, indrindra amin'izao olana sy fangirifiriana ateraky ny valanaretina Covid19 izao dia mitohy ny filalaovana ny aimbahaoka, ka be ny aina afoy ary mbola mety hitohy izany, noho ny fitavozavozana sy saina ratsin'ny mpitondra. Asiana fanesoana kely ihany eny ampandehana, toy ny hoe nahavita vaksiny tany andafy ny solombavambahoaka Siteny, na koa hoe misy ny toerana fitsaboana vaovao andoavambola ary hanasàna ireo mpitsabo tsara sitrapo mba hanampy.

Efa nozarina hisotro mangidy tokoa ny Malagasy ka na kapoaka firy aza dia sotroina hatramin'ny fialàn'ny fofonainy. Efa resy sy reraka ny vahoaka, ka tsy mahatohitra intsony ity fitondrana ity, izay tsy mitsahatra mirehareha sy midehaka, manampatra hery sy fahefana, amin'ny alalan'ny herimpamoretana sy ny fitsaràna. Ireo andrimpanjakana izay natao ho arofanina amin'izany dia nofeheziny eo ambany fahefany daholo.

Izay ve no sitrapon'Andriamanitra, sa tena efa resy ka tsy afaka intsony mampitambatra ny hery ireo voahitsaka sy voahosihosy? Mbola mitoetra ve ny hoe "mamy ny aina" eo anatrehan'ireto namana sy havana tsy tambo isaina "ndaozin'ny fahafatesana", ndaosin'ny fahafatesana no tena izy? Dia miandry ny kapoaka mangidy manaraka indray aloha ny vahoaka an-tapitrisany mandra-pigoka ny mamy! Na ho ela na ho haingana anefa, misy farany raha jiaby hoy ny fiteny Malagasy izay, ho an'ireto mpitondra mizahozaho, nefa mihanahana ireto.

***Ny Valosoa***

Faradofay

# Miaina amin'ny laingaben'ny fitondrana ny vahoaka

Miaina amin'ny laingaben' ny fitondrana, tarihan'ny filoha Andry Rajoelina ankehitriny ny ankamaroan' ny vahoaka, anisan'izany ny any Faradofay, faritra Anôsy. Leo sy kivy amin' ny "poerapoera", na "werawera", na ny sekosekon'ny fitondrana ankehitriny ny vahoakan'i Fort-Dauphin. Foto-drafitr'asa maro no nampanantenaina: fanamboarana ny kianja manara-penitra Ampasamasay, efa tamin'ny andron'ny tetezamita isak'izay mikabary fampanantenana no atao, lasan-kovavany fotsiny, ny kianja mitafo tsy vita. Fa ny tena lainga marivo tototra dia ny fampanantenana, fa hovitaina ao anatin'ny 1volana ny tetezan'i Manambaro(RN 13): mampitohy an'Ambоasary Atsimo sy Fort dauphin, 35 km tsy hiditra ny renivohitra Anôsy. Efa mananika ny faha 5 volana ny fahasimban'ity tetezana ity mbola tsy vita hatramin'izao. Noho izany, mahazo vahana ny fanararaotana ataon'ireo mpanao fitaterana. Mijaly ny vahoaka . Mahatsiaro ho voafitak'ity fitondrana Mapar ity ny any Anôsy. Mila vonjy!

***Marcus***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Sakana ara-pahasalamana

# Misy ny mizana tsindrian'ila

Mirongatra izay tsy izy ny valanaretina coronavirus eto Madagasikara ary tena mampitahotra, satria ao anatin'ny fotoana fohy dia mitarika fahafatesana ho an'ny olona iray. Maro ny olom-pirenena no manome sosokevitra ny mpitondra fanjakàna, izay voalohany amin'izany ny filohan'ny antoko mpanohitra eto Madagasikara ny filoha Marc Ravalomanana, mba hampidirana vaksiny eto amin'ny firenena, fa efa mihàtra aman'aina izy ity, fa tsy sangisangy intsony. Toa antso an'efitra ihany anefa izany, satria dia minia mikimpy ny fanjakàna misalasala, sy mitamatama maka fanapahan-kevitra amin'ny fampidirana vaksiny hamonjena ny ain'ny vahoaka Malagasy. Ny mahamaika azy dia ny maka fanapahan-kevitra mitory didy jadona. Ohatra amin'izany ny fanidiana ny faritra ahitana ny valanaretina toy ny eto Analamanga, Boeny, Atsinanana, Diego ary Nosibe. Manoloana izany anefa, tsy misy ny fandraisana andraikitra hanampiana ireo tsy an'asa vokatr'izany akory, fa atao baiko midina fotsiny, tsy misy ny fanohanana na mesure d'accompagnement, ka lasa miteraka fahasahiranana sy mampikorontana ny fiarahamonina tanteraka. Ny sidina ho an'ny fiaramanidina anefa mbola misy mandeha ihany ny miditra sy mivoaka eto Madagasikara, nefa, ny taxibrousse hidiana tsy avela andeha, misy ny mizana tsindrin'ila araka ny fahitan'ny maro an'izay eo amin'ity sakana noho ny hamehana ara-pahasalamana ity. Tsy mamono ny vahoaka madinika ve izany ? Manoloana ny fahasahiranana mahazo ny Malagasy ankehitriny dia heno araka ny vaovao nandeha tamin'ny tambazotran-tserasera sy ny gazety, fa toa lasa naka rivotra any Ankao ny filohampirenena mianakavy. Dia ny mahagaga, nanolotra fanomezana yaourt, chocolat, tantely sns… ho an'ny marary sempotra voan'ny coronavirus ny filohampirenena. Izany ve no tena tsy ampy amin'ireo marary ? Voavidin'ny fianakaviana izany raha tena ilaina, fa tsy any no mahamaika azy ireo. Ny fanafody sy oksizena, ahafahana mitsabo ny aretina no mahamaika, fa tsy gouter araka ny fanambaràna nataon'ny solombavambahoaka Me Hanitra Razafimanantsoa, tao amin'ny fandaharana Miara-manonja omaly. Mba fantatry ny vadin'ny filoha Andry Rajoelina, ramatoa Mialy Rajoelina ve izany, satria izy mba nandia fianarana be be kokoa noho ny vadiny hoe ilaina ve zavatra mamy omena ny marary, hoy ity olom-boafidy ity ? Tena mampametra-panontaniana mihintsy hoe fantatry ny mpitondra TGV ankehitriny ve ny tena laharam-pahamehan'ny vahoaka Malagasy? Toa ny werawera (fisehosehoana) mantsy no manjaka ankehitriny, fa tsy fantany ny tena fahasahiranana mahazo ny vahoaka tarihiny, ny mahafinaritra ny azy no fantany, izay vao ny mahasoa. Tena tsy mahakivy, sy tsy izy mihitsy ilay fisainana!

***Helisoa***

### MIARA-MANONJA

# Mamono olona ianareo mpitondra, hoy depiote Me Hanitra

Nilaza ny filoha Andry Rajoelina fa maimaimpoana ny fanafody hiadiana amin'ny Covid-19, maimampoana ny fitsaboana ireo olona tratran'ny valanaretina. "Tsy marina izany!", hoy ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa, tao amin'ny fandaharana Miara-manonja omaly. Ny fianakaviana no mitototo mitady fanafody amin'ny fomba rehetra hoy izy. Tsy hita ho vidiana ny fanafody, na eny amin'ny farmasia, na eny amin'ny hopitaly. Manjaka ny fanararaotana izao toe-javatra izao ary isan'izany ny ao amin'ny fitondram-panjakana, kanefa nolazaina tao anaty ny filankevitry ny ministra, fa ho saziana daholo ireo izay manararaotra. Tsy to teny intsony ny fitondram-panjakana. Tsy voahaja intsony ny fepetra ara-pahasalamana toa ny elanelana sy ny arotava. Ny antsasa-manilan'ny mponina eo anivon'ny faritra izany dia ho voan'ny aretina afaka fotoana fohy raha izao no mitohy, ankoatra ny aretina hafa. Mandripaka vahoaka ny hanohanana sy aretina kanefa tsy hita izay fepetra maty paika raisin'ny fitondram-panjakana, izay tsy maha-hetsika sy tsy mahavita mitantana ny firenena intsony. Aina maro no nafoy ny andro fialantsasatra teo, fa ny filoham-pirenena mandritra izany dia midedaka miala sasatra any amin'ny nosy Ankao. "Mamono olona ianareo mpitondra!" hoy ihany ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa, nandritra izany fandaharana izany. Kanefa maro ireo anaty fitondram-panjakana no tsy tafahetsika satria tratran'ny "forme grave" ary mila "oxygène". Saingy rehefa ho vonoin'ny fitondram-panjakana ny vahoaka malagasy dia ho avy ny fotoana, ka hanonja izy ireo ary ho esoriny aminy io "oxygène" io, hoy hatrany ity olom-boafidy ity.

***Ny Valosoa***



*Ny depiote voafidy tao amin'ny Boriboritany voalohany Antananarivo, Me Hanitra Razafimanantsoa.*

Arizaka Rabekoto Raoul

# Ataovy laharam-pahamehana ny vaksiny covid-19

Tsy mitsahatra maneho hevitra, mikasika ny firongatry ny valanaretina Coronavirus eto Madagasikara, izay miteraka fahafatesan'olona maro ny olom-pirenana. Vao ny faran'ny herinandro teo ny fiarahamonim-pirenena no nangataka, mba hampidirana ny vaksiny eto Madagasikara. Ny filohan'ny Federasiona Malagasin'ny Baolina kitra (FMF), Arizaka Rabekoto Raoul ihany koa dia naneho ny heviny tao amin'ny tambazotran-tserasera, mba hampidirana ny vaksiny eto amin'ny firenena. Io ihany hoy izy no vahaolana haingana sady maharitra, mba hiarovana ny vahoaka. Apetraho hoy ity mpitantana ny baolina kitra eto Madagasikara ity ny "Autorité Nationale de la Vaccination", na fahefam-pirenena momba ny vaksiny. Mobilisation générale, na miara-mihetsika avokoa ny rehetra, tsy misy resaka politika, antoko, fiaviana intsony. Ny fanamby amin'izany dia Malagasy miisa 26 tapitrisa no tokony ho vita vaksiny ao anatin'ny iray volana. Vitantsika Malagasy izany hoy izy ary manana paikady amin' izany ny tenany. "Ny fiarovana no lehibe indrindra aloha izao, ny fitsaboana mandeha ihany", araka ny fanambarana nataony ihaany.



*Ny filohan'ny FMF, Arizaka Rabekoto Raoul.*

***Helisoa***

Faritra Anôsy

# Tafatsangana ny federasionan'ny fikambanan'ny Ben'ny Tanàna

Tafatsangana amin'izao fotoana ny Federasionan' ny fikambanan'ny ben'ny tanàna any amin'ny Faritra Anôsy, ka Andriamatoa Filantsoa Raymond : "Mami Nosimboro", Ben'ny Tanàna any Analapatsy, distrikan'i Tôlagnaro no lany 100% ho Filoha, Andriamatoa Razafindrazanaka Ajad Ridji Ben'ny Tanànan'i Betroka no lany ho Filoha lefitra voalohany, Andriamatoa Mbola, Ben'ny Tanànan'ny Kaominina Tranomaro, distrikan'Amboasary kosa no lany ho Filoha lefitra faharoa, Andriamatoa Andriamboavonjy Danielson Justin : Kaominina Enakara, distrikan'i Tôlagnaro, no Sekretera Jeneraly, Andriamatoa Monja Tsilavenoky, Kaominina Marotsiraky, distrikan'Amboasary Atsimo, no mpitan-tsoratra voalohany, Andriamatoa Razafindrahera Mahatovo Henri Henrilly Odestin, kaominina Andriandapy, distrikan'i Betroka, no Mpitan-tsoratra faharoa. Lany ho mpitam-bola kosa Andriamatoa Ramanatiana Fidèle, kaominina Ranomafana, distrikan'i Tôlagnaro, Mpanamarina Kaonty : Andriamatoa Monja Tokindrainy Miarisoa, Kaominina Beranovily, distrikan'Amboasary Atsimo, mpanamarina kaonty Faharoa : Raitsitoavina Henri Edmond, Kaominina Benato, distrikan'i Betroka. Ireo mpanolotsaina kosa dia Mahavisoa Soanahelo Jean Kaominina Tanandava, distrikan' Amboasary Atsimo, Andriamatoa Mahavotsotsy Jean Christophe, Kaominina Andranobory, distrikan'i Tôlagnaro ary Andriamatoa Tahindraza Gabriel Kaominina Isoanala, distrikan'i Betroka, no mandrafitra ny Birao maharitra. Ny tanjon'ny fikambanana dia : - fampandrosoana ny Kaominina tsirairay - fiarovana ny zon'ny mpikambana - fampiroboroboana ny zavatra rehetra mifandraika amin'ny tanjon'ny fikambanana - fifandraisana amin'ireo minisitera, sy tompon'andraikitra isantsokajiny. Vonona aho ny hanampy amin'ny fampandrosoana ny Kaominina tsirairay avy hoy ity Filoha vaovao ity, izy rahateo mpandraharaha ara-toekarena, no izao lasa ho Ben'nyTanàna izao, mahafantatra ny asa fampandrosoana tokony hatao.



*Filantsoa Raymond, filohan'ny Federasionan'ny fikambanan'ny ben'ny tanàna, any amin'ny faritra Anôsy.*

***Marcus***

## TONONKALO

## Efa tena tsy to teny

Taona iray no efa lasa saingy tsisy fiovana.
Mitavozavoza hatrany ny mpitondra fanjakana.
Tena tsisy fivoarana azo mba tsapaina tanana,
Fa dia mihanaka ny aretina ary tena tsy hay sakanana.

Tena tsisy zava-banona ny fandraisana marary.
Fitsaboana, fanafody, tsisy iray mba lavorary.
Ny mpitsabo toa mikiry sy manao izay fara heriny,
Saingy misy fetra ihany, tsy araky ny noheveriny.

Mikabary ny filoha, mametraka an`ireo fepetra,
Saingy vitsy ireo manaja, tsy ny olona rehetra.
Tokony ho tonga saina ny amin`izany ny mpitarika,
Manoloana ireo rehetra tsy mandray ny toromarika.

Moa ny maro ve variana ny mitady izay harapany
Ka ny fihanaky ny aretina, tena mila tsy ho tsapany ?
Raha izany ny mpitondra, tokony hanova tantana,
Ka tsy handefa baiko fotsiny fa hanohana mivantana.

Fa rehefa ny kabary no atao miraradraraka,
Nefa toa tsy misy mihaino sy tsy misy mba manaraka,
Dia midika ho lakolosy te hampita feo ireny,
Fa ny olona mitondra no efa tena tsy to teny !

Vakisiny no andrasana, ary koa ny vatsy tohana.
Raha tsy izany dia ho loza, ho avy indray ny fihibohana!
Saingy indrisy, ny mpitondra, zava-kafa no ao an-tsainy.
Tsy ny ho an`ireo vahoaka fa ny hameno ny tsinainy !

***DADAN`i RIANA (11-04-21)***

TAREHI-MARIKA FARANY COVID-19

# 6 no namoy ny ainy, 478 ny tranga vaovao

Tarehimarika farany Covid-19 teto amintsika : 478 ny tranga vaovao, 6 no maty teto Madagasikara ny 11 aprily 2021 teo.

478 ny tranga vaovao hita tamin'ireo 1229 nanaovana fitiliana teto Madagasikara ny 11 aprily 2021 : 369 Analamanga, 2 Atsinanana, 15 Diana, 13 Alaotra Mangoro, 1 Matsiatra Ambony, 3 Boeny, 1 Vakinankaratra, 9 Sava, 8 Atsimo Andrefana, 2 Vatovavy Fitovinany, 3 Menabe, 9 Bongolava, 5 Analanjirofo, 3 Anosy, 16 Itasy, 19 Sofia.




*Tarehi-marika faran'ny valanaretina coronavirus teto Madagasikara.*

227 no sitrana : 157 Analamanga, 7 Atsinanana, 8 Diana, 2 Alaotra Mangoro, 5 Matsiatra Ambony, 18 Boeny, 2 Vakinankaratra, 15 Sava, 1 Atsimo Andrefana, 9 Anlanjirofo, 2 Anôsy, 1 Ihorombe.

6 no namoy ny ainy noho ny aretina Covid-19 ity : 2 Analamanga, 1 Atsinanana, 1 Diana, 1 Boeny, 1 Atsimo Atsinanana. Tafakatra 506 ny olona matin'ny aretina Covid-19 hatraamin'izay nidirany teto Madagasikara ny volana martsa 2020.

3924 ireo marary mbola manaraka fitsaboana ankehitriny, 304 amin'ireo no misy trangana fahasarotana.

**Stefa**

RMDM, fandaharana : Sahia Lasa Izao

# Manome sehatra ny vahoaka, hanosika azy handray andraikitra

Hita taratra ny elanelana misy eo amin'ny vahoaka sy ny mpitondra amin'izao fotoana. Manao zavatra ny mpitondra, tsy raharahian'ny vahoaka, manao hetsika ny vahoaka tsy raharahian'ny mpitondra. Zava-dehibe anefa ny tokony hisian'ny fifandraisana eo amin'ireo roa tonta ireo. Ao anatin'izany no hiditra an-tsehatra ny fandaharana: Sahia Lasa Izao, fandaharana vokarin'ny RMDM: Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagaskikara, hanabe ny olom-pirenena, hahalala ny andraikiny, sy handray izany andraikitra izany. Ity fandaharana ity dia azo arahina ao amin'ny fahitalavitra, sy ny Radio MBS, na amin'ny tambazotran-tserasera ihany koa:
-Alarobia amin'ny 8 ora sy sasany alina: ho an'ny olom-pirenena rehetra tsy ankanavaka, vondron'olona, na fiaraha-monim-pirenena, izay te handray anjara.
-Zoma amin'ny 8 ora sy sasany alina: natokana ho an'ny mpanao politika rehetra tsy ankanavaka.

**Helisoa**




*Ny sary famantarana ny fandaharana: Sahia Lasa Izao, vokarin'ny RMDM.*

## Mazotoa mihira

***Mafy ny mahazo ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana, noho ny tsy fahafehezan'ny fitondrana Rajoelina ny valanaretina coronavirus. Tokony hihevi-tena noho izany Rajoelina sy ny forongony amin'izay zava-misy izay. Hira mahakasika izay fiheveran-tena izay no atolotra anao androany, hiran'ny Tarika Jean Rigo : Mihevera. Koa dia mazotoa mihira e!***

### MIHEVERA

Mihevera, miheritrereta
Amin'izao fiainana izao
Fa miha sarotra isan'andro
Ka mba mahaiza mitsinjo ny ho avy.(x2)

Aza variagna,
Aza sondriagna
Amin'izao fandalovana izao
K'aza mihevitra hoe fa tafita androany
Ka tsy ho rendrika indray rahampitso.(x2)

Ref: Miheritrereta tsara
Miovaova hatrany hatrany ny tany e!
Hafaliagna aminao niany sy ny amaray ranomaso.
Ka zegny ny antony tsy tokony hifagnambakan-tsika

Fa fandalovagna eto ôh!
Anao ndrey manandraha
Ndrey tsisy ny atao
Tsisy olo havita tegna. Instrumental: ....................

Ooohoooh! Heiiaaah!
Ry Ray ô! eto imaso
Mba tantano 'zahay zanakao
Mba tsy ho very làlana amin'ny maizina
Ka ho tafita amin'ny tanjona hiriny.
Oooh! Ry Ray ô! eto imaso
Mba tantano 'zahay zanakao
Mba tsy ho very làlana amin'ny maizina
Ka ho tafita amin'ny tanjona hiriny.

Ref: Miheritrereta tsara
Miovaova hatrany hatrany ny tany e!
Hafaliagna aminao niany sy ny amaray ranomaso.
Ka zegny ny antony tsy tokony hifagnambakan-tsika
Fa fandalovagna eto ôh!
Anao ndrey manandraha
Ndrey tsisy ny atao
Tsisy olo havita tegna.(x2)
Anao ndrey manandraha
Ndrey tsisy ny atao
Tsisy olo havita tegna.(x2)
Anao ndrey manandraha
Ndrey tsisy ny atao
Tsisy olo havita tegna...

***Mpihira : Jean Rigo.***



## Sakafo Ny Valosoa



Trondro sy poireau atao nahandro gasy indray no laoka eto amin'ny pejin'ny Sakafo androany, izany hoe atao lafiky ny trondro ny poireau sy ny tongolo ary ny voatabia. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny hoditr' akondro amin'ny vatan'olombelona

Ny soa azo avy amin'ny hoditr'akondro amin'ny vatan'olombelona indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tsy ny ao anatiny ihany no mahasoa amin'ny akondro fa ny hodiny koa. Ny soa entin'ny hoditra akondro:
- Potassium
- Vitamine C, B6, B12
- Magnésium
- Fibre.

Ireo zava-tsoa azo avy amin'ny dite hoditr'akondro :
- Manala stress, dépression.
- Mampidina tosi-drà.
-Manampy amin'ny fandevonana sakafo.
- Miaro amin'ny fitohanana na constipation, ary manila ny fitohanana koa.
- Manampy ny olona hiala amin'ny tsy fahitana tory.
- Tsara ho an'ny maso.
-Tsara ho an'ny fo.
- Manala tavy, mampihena vatana.

Fomba fikarakarana azy :
Maka rano 1 litatra ampangotrahana, rehefa mangotraka ny rano dia alaina ny hoditr'akondro 1 voasasa madio tsara dia alefa ao amin'ilay rano mangotraka, ka ampangotrahana mandritra ny 10 min dia esorina avy eo.
Afaka sotroina avy hatrany, afaka asiana poudre na vovoka cannelle rehefa hisotro azy, afaka tsy asiana koa. Manao vaovao isan'andro raha te hisotro, fa tsy afaka tehirizina. Afaka sotroina amin'ny fotoana rehetra. Afaka manao azy na olona misy tosi-drà na diabetika.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Mampikony II, distrikan'i Mampikony, faritra Sofia

Ny tanànan'i Mampikony II, distrikan'i Mampikony, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Mampikony II ity tanàna ity. Any amin'ny faritra atsimo andrefan'ny faritra Sofia no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana izy satria 213 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Saika tantsaha mpamboly sy mpiompy ny mponina any Mampikony II. Vokatra any ny vary, ny tongolo, ny paraky, ny voankazo isan-karazany, ny tongolo,…



# NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ary Jesosy niteny tamin'ny olona indray ka nanao hoe: Izaho no fahazavan'izao tontolo izao; izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin'ny maizina, fa hanana ny fahazavan'aina."*

***Jaona 8:12***

facebook NY VALOSOA

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Fanafody mahasitrana corona, vaksiny, oxygène no ilaina fa tsy Tohanaina tsy mahavita inona akory

**Prosper Mahatony :** fanafody mahasitrana corona, oxygène, vaccins no ilain'ny vahoaka sy ny havanay marary, fa tsy Toahanaina, toy ny gouter ana zà madinika, Mr Président Rajoelina mivady!

**Samson Clebert Razafindrazana :** hoy mantsy ny fiteny mahazatra hoe Merci PREZIDA. Maha TOHAN'AINA tokoa ve? ary maninona raha havoaka ny Drala 1milliard 129 millions de dollars dia samy milamindamina e! Nga zaza kely ny havanay marary eny amin'ny Hopital dia omena itony GOUTER an-jaza itony? Mampieritreritra ilay izy !

**Lalaina Andriamasimbelo :** zavatra tsy fahita tao anatin'ny 60 taona marina Zao frère a !

**Samson Clebert Razafindrazana :** mahalasa saina ilay izy! famindrampon'Andriamanitra no sisa antenaina, miamby valimbavaka ireo hanao RAMADAN, fa izahay moa efa nahavita KAREMY.Tsy raha antenay amin'ny fitondrana Rajoelina ty !

**Lalaina Andriamasimbelo :** marina zany frère, izy Ty manko efa nabaribarin'ny Fanjakana ilay hoe: fanambakana vahoaka malagasy madinika no lehibe indrindra!

**Ajf Sehenoharisoa :** any anaty tatitra @ teti-bola lany io Milliards io, fa aza mikarôsaka. Fitantanana manara-penitra.

**Andriantiana Agides :** hummmm; police asako taloha, ni-démissionné za t@ 2001 fôtoni; Forces de l'Ordre natao hiaro vahoaka indray ndro lasa izireny koa mamôno mahafati vahoaka matetiki? Ny tiako hambara; à peu près zaka hita izeto iti ny fômba fagnandevozagna zahai niasa tao @ Service Central de la police de l'air et des frontières ty Ivato: mahazo avantages maro bé zahai PAF tao, 1993 nidirako tao; mahazo billets de faveurs @ Air France une fois dans l'année en Europe, 3 fois dans une année vols Régionaux (Pays d'Afriques Australes ). Vols Spéciaux maro bé magnano escales techniques tôkony ahazoanai vôla, Taux Spécials ( magnaifa heures supplémentaires ) aminai Compagnies jiabi mampiasa Avions ndrô. Nino zaka nataon'i Chefnay tao hoizy anarô? Hidirany tetezina bureaux mpagnamia zahai avantages abio, supprimer-va hoizy amindrô avantages abio fà, tsi mendrika olo tsy mitôndra grade du Commissaire de police irô prérogatives irô, kaza ampiakarina io TS io, na izio aza efa betsaka loatra ho an'izireo. Fagnavakavahagna tsisy karaha tao; à chaque fois boaka mandray tagnanay côtiers Commissaire dia, milomay mandaiha manasa tagnana @ lave-mains d'ADEMA ao---
-

**Raushana Rmj :** misy réfrigérateur ve eny Mahamasina na eny Alarobia hametrahana ireto yaourts ireto? Tsy Oxygène na Magné B6 na lovenox ve no tokony ho natao dons, fa tsy Tohanaina tsy mahatohana firy akory?



**Francine Doréa Soatiana France :** anaro baka magnaina fo... MERCI PREZIDA !

**Samson Clebert Razafindrazana :** atsika tsy maintsy mitregny fo Zoky be, na efa agnambôzogno rano, allô fo, MERCI PREZIDA !

**Marcel Razafimahatratra :** nanjavona ny Cvo fa toa Ed1 ve io afenina kely eo @'ny ambany @'ny ankavanana io sa lohamenaka hafa?! Sady mba ataovy mazava e : VOLA AVY ANY AMPAOSINAREO MIVADY VE SA VOLAM-BAHOAKA?

**Za Ihany :** H.E ravintsara io e! Randriambahoaka Soanaivo Erik : Ioza ity marina mafy.

**Jacques Ranaivo :** HE io, ny Cvo efa protocole d'office, fa mampalahelo hoe zao sisa isika e!

**Jacques Ranaivo :** tokony ho nilaza zao izy, fa tsy anjaran'ny filoha ny manome rakitra kely tahaka izao, fa gros lot sy famahana olana no tokony hoentiny fa tsy tip top, Tohanaina kely tsy maha tohana na inona na inona io!

**Fenohanitra Tianasoa :** tsy Ed1 izany io fa HE.

**Rakoto Milamina :** fanapahan-kevitra "Tip top"..."effet d'annonce"... mauvaise communication politique, mazava amin'izao fa "valalan'amboa" ny Cvo...mbola resaka amin'ny manaraka ny vola lany tamin'ny famokarana Cvo...

**Titi Raha :** 1,130 milliard $... Aiza sa nankaiza ?

**Vonjiniaina Randrianarivo :** huummmm, sao ilay noraofina tary!

**Lija Rakotomavo :** mbô tsy yaourt tiko.

**Sahondra Johana Gabrielle :** vatsio fanafody ara-dalàna aloha ny toerampitsaboana e!

**Falihery Razafindrakoto :** tsy ratsy ny fanampiana. Fa improvisation foana ve e?

## FSBM Tsipy kanetibe

# Andriamilerovason Amir no filoha vaovao

Vita tetsy amin'ny tranon'ny Bekotromaroholatra tetsy Antsahamanitra, tamin'ny sabotsy 10 aprily 2021 lasa teo, ny fivoriambe nifidianana izay ho filoha vaovao hitantana ny FSBM, na ny "Fédération du Sport Boules à Madagascar", hisolo toerana ny filoham-panorina an'ity federasiôna ity dia Randriamarohaja Dolys, izay nindaosin'ny fahafatesana tamin'ny 5 aprily 2021 lasa teo. Lany ho filoha vaovaon'ity rafitra ity tamin'izany Andriamatoa Andriamilerovason Moëz Amiroudine, na fantatry ny maro amin'ny hoe : Amir. Voafidy niaraka taminy tamin'izany ihany koa ireo mpikambana vaovao ao amin'ny biraon'ity FSBM ity. Mbola ho tendrena amin'ny fivoriamben'ny FSBM manaraka kosa ny DTN vaovao, sy ny ekipa teknika ho tarihany. Marihana fa ny hanome lanja indray an'ity taranja nampalaza tokoa ny Malagasy ity, no vaindohan-draharaha ho sahanin'ity filoha vaovao sy ny ekipany ity. "Tsy hamitaka antsika rehetra ny amin'izany aho », hoy ny filoha Amir teo ampandraisam-pitenenana voalohany nataony. Miandry azy sy ny ekipany voalohany ny fikarakarana ny fanomanana ny handraisan'ny tsipy kanetibe Malagasy amin'ny fiadiana ny ho tompondaka erantany 2020, izay mbola miandry toerana hanatanterahana azy hafa indray taorian'ny nitsoahan'i Suisse amin'ny fikarakarana azy io amin'ity taona 2021 ity. Marihana fa nanatrika hatramin'ny farany an'ity fivoriamben'ny FSBM ity ny solontenan'ny MJS sy ny solontenan'ny COM.



*Andriamatoa Amir, filohan'ny FSBL eo afovoany, sy ireo ekipa miaraka aminy.*

***Rainilita***

## Ligin'Analamanga Volley Ball

# Amin'ny 24 aprily no fanokafana ny taompilalaovana 2021

Tapaky ny birao mpitantana ny ligin'Analamanga eo amin'ny taranja volley ball, sy ireo solontenan'ny ekipa niara-nivory taminy, teny amin'ny kôlejy St Laurent Ambohimanoro, tamin'ny sabotsy 10 aprily 2021 lasa teo, fa ho tanterahina amin'ny sabotsy 24 aprily 2021 ho avy izao eny amin'ny kianja "Terrain des Assureurs" eny Itaosy, ilay lanonam-panokafana ny taom-pilalaovana 2021 ho an'ity ligy ity. Efa nahazo alalana ara-dalàna tamin'ny préfektiora izany hetsika izany, hoy ny filohan'ny ligy Ramatoa Raharimalala Léa, nitarika ny fotoana tamin'io sabotsy io. Ny sokajy Sénior lahy sy vavy no hanomboka an'izany "championnat" izany, hoy izy, amin'io sabotsy 24 io, hitohy amin'ny alahady 25 aprily 2021 ary ho tanterahina ao anatin'ny fanarahana ny fepetra ara-pahasalamana tanteraka izany, noho izao ady amin'ny coronavirus izao. Ho tanterahina "à huis clos" ny lalao rehetra amin'izany. Ny sokajy "junior vehivavy" ihany koa no efa fantatra, fa vonona hanatanteraka an'ity "championnat" ity. Nambaran'ny filohan'ny ligy ihany koa, fa mbola miandry amin'ny fotoana manaraka aloha ny hidiran'ireo sokajy zandriny hafa amin'ny fifaninanana. Marihana fa mahatratra 21 ireo klioba "affiliées" ao amin'ity ligin' Analamanga amin'ny taranja volley ball ity.



*Ireo mpitantana ny ligin'ny volley-ball Analamanga.*

***Rainilita***

## Baolina kitra Analamanga

# « Championnat D 2 », tontosa ireo ¼-dalana rehetra

Tontosa avokoa, teny amin'ny kianja "Centre de formation du football" teny Carion, tamin'ny sabotsy 10 aprily 2021 lasa teo, ireo lalao ¼-dalan'ny fifaninanana baolina kitra fiadiana ny ho tompondakan'ny ligin'Analamanga sokajy D 2. Araka ny vokatra azo tamin'izany dia fantatra, fa ny ekipan'ny Cospn sy Cffa ary ny Cf Tfc sy ny Ffam no tafita hiatrika ny dingan'ny manasadalana. Voka-dalao azo : Cospn - Net Foot (2 – 1); Cffa - Kinga Sport (5 – 0); Cf Tfc - Mi 20 (2 – 0); Ffam - Disciples Fc (3 – 2).

***Rainilita***



*Baolina ny faran'ny herinandro teny Carion.*

RUGBY

# Nahazo mpanazatra vaovao ny Makis sénior lehilahy

Nahazo mpanazatra vaovao ankehitriny ny ekipam-pirenena Malagasy sokajy senior lehilahy, amin'ny taranja rugby à XV. Fantatra fa notendren'ny Malagasy Rugby tantanan' ny filohany, Rakotomalala Marcel, hisahana an'izany toerana izany, ilay mpilalao fahiny tao amin'ny ekipam-pirenen'ny rugby Frantsay (équipe de France) nitana ny toerana "3è ligne centre", Francis Ntamack 49 taona. Izy izany no hisolo toerana an'i Philippe Canitrot, izay noheverina ho "sélectionneur du rugby Malagasy", nefa lasa "consultant" ny "Comité du rugby réunionnais" ankehitriny. Marihana fa mpikambana feno ao amin'ny Rugby French Flair (fikambanan'ny mpanao rugby Frantsay tao amin'ny ekipa nasiônaly vonona hanampy an'ireo mpilalao



*Ny mpanazatra Francis Ntamack.*

rugby vao misondrotra maneran-tany), ity mpanazatran'ny Makis Malagasy vaovao ity ary efa nanomboka tamin'ny volana martsa taona 2020 izy no tonga nifindra monina eto Madagasikara, noho ny asa aman-draharaha eo amin'ny sehatry ny fandraharahana hôtely heveriny hatsangana any Sainte-Marie. Ny fanomanana ny CAN Rugby 2022 hatrehan'ny Makis de Madagascar, hatao any Namibie amin'ny 1 ka hatramin'ny 12 jolay 2022 ho avy izao, izay hahazoana miatrika ny "Coupe du Monde de Rugby 2023", no andraikitra goavana ho sahanin'i Francis Ntamack. Marihana fa eo amin'ity fifaninanana CAN rugby 2022 ity dia i Côte d'Ivoire sy Namibie no iray vondrona amin'ny Makis Malagasy, ao amin' ny vondrona A. Zava-bita na ny « palmarès an'i Mr Francis Ntamack", teo amin'ny sehatry ny rugby « Avec les équipes de jeune » : Champion de France junior 1990 avec sport étude Jolimont, Champion de France junior Reichel 1991 avec Stade Toulousain, Champion des provinces junior Reichel 1991/1992 avec Stade Toulousain « En club » : Champion de France 1996 avec le Stade Toulousain (source palmarès stade Toulousain). Finaliste du Championnat de France 1999-2000 avec US Colomiers, Champion de France de Pro D2 2006 avec US Montauban, Champion de France de Fédérale 2 en 2010 avec Blagnac SCR « En sélection » : 1 sélection en équipe nationale A 2001 1 sélection en équipe de France, le 10 novembre 2001 contre l'Afrique du Sud.

**Rainilita**

Mpino silamo

# Manomboka ny 1 volan'ny Ramadan

Toy ireo mpino silamo manerana izao tontolo izao, manomboka ny 1 volan'ny Ramadan koa ireo mpino silamo eto amintsika nanomboka androany ary haharitra 1 volana. Nanomboka alina, nifoha androany talata no nanomboka izay fifehezana, na fifadian-kanina izay ireo mpino silamo. Ny herinandro teo dia efa niomana tamin'ny fandraisana izany fotoanan'ny "Ramadan" izany ny mpino silamo maneran-tany.

Mandritra ny andro no mifady hanina, mifehy tsy misotro rano koa ny mpino silamo, mivavaka izy ireo mandritra izany, mamaky ny boky masina silamo Coran koa. Mandritra ny alina kosa izy ireo no afaka mihinana. Tonga indray ny maraina dia miverina mifehy vava mandritra andro, ary izany dia atao mandritra ny 1 volana no anatontosana azy.

**Niaina**


*Mpino silamo mivavaka any amin'ny Mosquée.*

Orange Pro League 2020-2021

# Resin'ny As Adema 2-0 ny Ajesaia

Anisan'ny nisongadina tamin'ireo lalao 2, tafiditra amin'ny andro faha-12 ao amin'ny vondrona "Conférence Sud", amin' ny fifaninanana "Orange Pro League Malagasy", notontosaina tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo ny nandresen'ny As Adema Analamanga 2-0, ny Ajesaia Bongolava, tetsy amin'ny kianja Elgeco Stadium, etsy amin'ny By Pass Ambohijanaka.

Noho ny fandaminana nisy dia nahemotra amin' ity andro talata 13 aprily ity hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany ao amin'ny kianja Stade Moderne Ampasambazaha ny lalao iray tafiditra amin'ity andro faha-12 ho an'ny vondrona "Conférence Sud" ity.

**Rainilita**


*Ny ekipan'ny As Adema tetsy amin'ny By Pass Ambohijanaka.*

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao, sy ireo rehetra izay mety hiantefany izao manaraka izao : manaitra ny tompon'andraikitra, fa tena na hanidy faritra aza isika ary na hanakana fiara tsy hiditra ny tanàna dia mbola misy ihany ireo olona manao dia tongotra, ka tafiditra ny faritra tiany hahatongavana. Ohatra iray, mnao dia an-tongotra avy any Behenjy ny olona satria tsy mahazo miditra an'Analamanga ny fiara,. Tapitra eo ny Vakinankaratra... dia lasa manao 15 km (3h dia an-tongotra) ny zaza, antitra, marefo, ny marary, ny entana babena, sns... Tafiditra soa amantsara ny olona Analamanga, mandray bus efa aty Ambohipanga... afaka miditra soa amantsara an'Analamanga: tonga Anosy, Ampefiloha, sns.. Fa tsy ilay olona ve no mitondra ilay virus sa?... hapetraka amin'ny tompon'andraikitra ny mahakasika izay tranga izay.

*Rijason Fenohery*
*Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao.*

UEFA Champion's League

# Hangotra ny ¼-dalana miverina anio sy rahampitso

Hangotraka indray anio talata 13 aprily, sy rahampitso 14 aprily 2021 any Europe any, ireo lalao 1/4-dalana miverina eo amin' ny fifaninanana UEFA Champion's League taona 2020-2021. Tena hafanafana tanteraka anio talata ny fifanandrinan'ny Psg sy ny Bayern Munich, tompondaka farany, izay resy an-taniny tamin'isa 2-3 tamin'ny lalao mandroso. Tsy maintsy hihoitra mafy ihany koa ny ekipan'i Porto izay lavon-dry zareo Chelsea, tamin' izany lalao mandroso notontosaina tamin'ny herinandro lasa iny izany. Rahampitso alarobia 14 aprily kosa dia ahitana ny fandaharan-dalao : Liverpool # Real Madrid, Borussia Dortmund # Manchester City.

**Rainilita**


*Lalao mandroso teo amin'ny Psg sy ny Bayern.*

Sorabe nisy « pouvoir »

# Namerina fiainan'olona rava fiainana

Tsy vao izao akory no nahitana fa misy olona manana fanomezam-pahasoavana manokana momba ny fitsaboana sy fahitana ny zava-miafin'ny fiainana amin'ny ankapobeny. An-taonany maro no efa fantatra ny lazan'ity mpitsabo ity dia ny fitsaboana ireo olona manana olana saro-bahana, ireo tsy mety tafa mihitsy amin'ny fiainana, ireo mba mandroso kely ny fiainany dia mikorosy tanteraka ary potika mihitsy aza indraindray nefa tsy fanta-pototra sns… Santionany ireo fa ny nahagaga dia ity renim-pianakaviana ity no tratry ny fanabokana hoy ny fitenenana satria rehefa nandeha ny varotra teo aloha, dia potika tanteraka izany taty aoriana. Volabe mantsy no niasa tamin'izany ary tsy nisy olana tamin'izy mivady satria ny mpianatra nianatra, ny mpanampy maro, ny afera nandeha avokoa, ny avy any ivelany indray aza no notohanana fotsiny. Santionany ireo, fa ny tena olana dia fianakaviana manana ny ampy ihany izy roa nefa dia nanana olana tamin'ny mpiara-monina, ka niafara tamin'ny gadra mihitsy noho ny fialonana sy ny tsy fitiavana. Banky ropotra tanteraka izy mianakavy ary tsy nisy azo antenaina intsony. Hatramin'ny havana sy ny mpiara-monina aza mantsy dia nandrabiraby sy nanenjika avokoa. Valalanina izy mianakavy ka tamin'ny gazety ny nahafantaran'izy ireo fa misy mpitsabo mahay sy manana « pouvoir » manokana mahay mamaha ny olana samihafa eny Itaosy ary tsy mifidy saranga na fiaviana fa izay mihaona aminy dia sitrana sy avotra avokoa. Tsy niandry ela moa izy mivady fa niantso ny 03429 026 68 sy ny 03383 481 63 ary ny ampitso ihany dia nihaona tamin'i Aina Mpitsabo eny Itaosy.

### Fandraraka no nahavoa azy mivady

Vao nihaona izy telo mianaka dia izao no nambaran'ity mpitsabo manana « pouvoir » manokana ity. Tratry ny fandraraka ianareo hoy izy, ary tandremo fa maro ny tsy tia anareo. Tsy ny fiainanareo ihany hoy izy no potika, fa ny ho avin'ny zanakareo ihany koa. Nokarakarain'ity mpitsabo ity izy mivady, nampandroina aloha dia avy eo vao nomena fanefitra manokana ho entiny mody any an-trano. Tandremo hoy ity mpitsabo ity fa samy manana ny fahaizany ny rehetra, ka rehefa mino sy manaiky ianareo dia tsy maintsy tafavoaka ary tsy maintsy miarina ny fiainanareo hoy izy. Mandehana hoy ity mpitsabo ity ary tanteraho izay lazaiko fa tsy maintsy ho tafavoaka ianareo mianakavy.

### Tapa-bolana dia tafita izy mianakavy

Misy milaza fa finoanoam-poana ny fikarakarana natao tamin'izy mianakavy, saingy tsy ity mpitsabo ity akory no nitonon –tena fa nahavita azy, fa vavolombelon'ny asa ny olona nahazo fitahiana sy fahasitranana. Niaiky mantsy ity fianakaviana ity, fa hay misy olona manana "pouvoir " manokana tokoa, ka na sendra ny olana saro-bahana aza ny olona dia azo karakaraina sy mivaha ny olana rehefa sendra ny olona manana fahasoavana manokana. Niaiky izy ireo fa raha misy olona tratry ny olana toa azy, dia afaka manatona eny amin'i Aina mpitsabo eny Itaosy fa mandray olona isan'andro izy.

**Namana**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 03/04/2021 hatramin'ny 10/04/2021**

**- DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 32 22 370 03/034 22 370 03

**- M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 33 22 370 03/034 22 370 03

**- MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165) 34 22 370 03/034 22 370 03

**- NAMONTANA** (Namontana) 35 22 370 03/034 22 370 03

**- PROGRES** (Analakely) 36 22 370 03/034 22 370 03

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35


**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 44 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1152-04-2021
Isan'ny natonta: 10 000


Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ZOTRA NASIONALY SY REJIONALY

# Manangana saina fotsy ireo mpitatitra



*Mpitatitra tsy afaka mandeha, tratran'ny sakana ara-pahasalamana.*

Nanambara ireo mpandraharaha mpitatitra amin'ny zotra nasionaly, sy rejionaly eto amintsika amin'izao fotoana, fa tena resy izy ireo noho ny fepetra noraisin'ny fitondrana iadiana amin'ny valanaretina coronavirus, ka nanakatonana tsy nisy fifampidinihana tamin'izy ireo, ireo faritra ahitana olona maro mitondra ny tsimokaretina corona. Mananga na saina fotsy mihitsy izahay hoy ireo mpitatitra ireo, satria tsy misy mba misy akory ny haraton'aina anampian'ny fitondrana anay amin'izao tsy fahafahanay miasa izao. Nilaza izy ireo fa vonona hampanaraka fepetra ary ho hentitra amin'ireo mpanjifa, na ireo olona taterina, amin'ny ady amin'ny valanaretina coronavirus eo amin'ity sehatry ny fitaterana nasionaly sy rejionaly ity. Mandrahona ny hitokona izy ireo noho izany, satria sehatr'asa tena miaina anaty fijaliana tanteraka ankehitriny ireo taksibrosy ireo, manoloana ny fanapahan-kevitra noraisin'ny fitondrana, tena misedra ady mafy mihintsy ireo mpisehatra amin'ity asa ity. Izy ireo izay mamelona ankohonana toy ny malagasy rehetra. Manao antso avo izy ireo, fa mafy ny mahazo azy, ny zaza tsy mahalala tsy misy, ny hofan-trano, jiro sy rano tsy lazaina intsony, tsy mba misy mesure d'accompagnement, na haraton'aina araka ny efa voalaza teo mba homen'ny mpitondra, fa dia mijanona tsy misy resaka, tsy misy fifampiresahana, fa tian-kano, tsy tian-kano fotsiny izao. Fitarainana ataon'ireto mpitatitra ireto ny hoe:" tsy ny aretina no hahafaty anay mianakavy, fa ny tsy fisiana sy ny fahoriana".

***Niaina***

Omby, ondry, osy

# Mamely ny aretim-biby "fièvre de la Vallée du Rift"

Mamely ny biby fiompy: omby, ondry ary osy, any amin'ny faritra sasany eto amin'ny Nosy amin'izao fotoana ny aretim-biby: tazon'ny biby fiompy: Fièvre de la Vallée du Rift (FVR)". Araka ny vaovao voaray: 473 ny omby efa matin'ity aretim-biby ity tany amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany, 576 no voa. Any Diana, 93 ny voa ary 7 maty. Any Atsimo Andrefana, 10 ny omby voa ary 122 ny ondry aman'osy. Tsimokaretina "PHLEBOVIRUS" no mitondra ity aretin'omby, sy ondry ary osy ity, entin'ny moka ary mifindra amin'ny olombelona. Araka ny tatitry ny Organisation Internationale de l'Epizootie, dia voamarina fa misy FVR any atsimon'ny Nosy, sy amin'ny faritra sasany eto Madagasikara. Ny fisehony amin'ny biby: manavy, malain-komana, reraka, mivalana, mihena ny rononony, afa-jaza ary miafara amin'ny fahafatesan'ilay biby fiompy.

Amin'ny olombelona: manavy, reraka, manakotsako ny vanin-taolana sy nofo, aretin'andoha, fahaverezan-drà ary miafara amin'ny fahafatesana koa.

Ny tokony hatao: avy hatrany dia manatòna mpitsabo biby (médecin Vétérinaire) ho an'ny biby. Manatona mpitsabo (médecin) ho an'ny olombelona.

Ny fisorohana azy:

Mampiasa lay misy odimoka ary vonoina ny moka manodidina ny tanàna. Tsy mihinana hena, tsy misotro ronono, tsy masaka tsara. Sasàna matetika ny tanana rehefa avy mikasokasoka ireo biby.

***Stefa***




*Tandindonin-doza amin'ny aretina FVR ny omby eto amintsika.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 345**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0344)

***Mitsivalana***
- Bararata
- Ora (miv) – Tale (miv)
- Renirano
- Eto – Aho
- Ain(a) – Kere
- Lalao (miv)
- Mavo

***Mitsangana***
- Barea
- Aretina
- Ronon(o)
- OO
- Reraka
- Alahelo
- Tanora
- Ota (miv)
- Elo

**TENY MIFANARAKA** **N° 345**



**Mitsivalana**

**1.** Fitalahoana amin'ny Tompo **2.** Fanontaniana – Foto-tsakafo (miv) **3.** Renesina – Marina **4.** Tontosa (miv) – Iray sy iray **5.** Vadin-janaka – Hekitara **6.** Zaza madinika – Taova (BR) **7.** Tovona (miv) – Mitovy amin'ny atody **8.** Mari-bola **9.** Nofolahina – Kianteny **10.** Hao bory loha – Tatitra (miv)

**Mitsangana**

**A.** Firaisam-pitiavana **B.** Nivolana (miv) – Mpanondro toerana **D.** Zava-maniry **E.** Mitokan-tena (miv) – Naoty, solfa **F.** Azo amin'ny fery sy ny ratra – Zandary mivadika – Dada (miv) **G.** Foto-tenin'ny fitiavana – Faran-teny **H.** Hanavotra – Aretina (miv) **I.** Lio (miv) – Renin-tsoratra tsy mitovy **J.** Nahiana **K.** Ambony – Safotra (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0344

**Mitsivalana**

**1.** Soa - Antsa **2.** (A)lik(a) - Ma **3.** Mpitoraka **4.** Malahelo **5.** O.I - Volo **6.** Ray - Iny **7.** Ady - Aho - AV **8.** In - Trano **9.** Na - Talenta (miv) **10.** Foza (miv) - Afero

**Mitsangana**

**A** Sambo - Aina **B.** Zandry (miv) **D.** Mila (miv) - A, I **E.** Itasy - Taf(a) **F.** Lok(a) - Tra (miv) **G.** Ravahana **H.** Tsaho - Feno (miv) **I.** Kely - Elo (miv) **J.** Amalona - AR K. Ivato

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny hetsika nataon'ireo mpitatitra zotra nasionaly teny amin'ny fasan'ny Karana sy Mahajanga, omaly.**







